

Jesoalvelona Ao Amin 'i Maria

No. 25
Mey 2020

Association Marie Reine des Coeurs




MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908

Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome – ITALIE

<http://www.montfortian.info/amqah/> ;


E-mail: rcordium@gmail.com



« Hobio
Andriamanitra,
ry tany tontolo »

Voaantso ho
vavolombelona

TONONKIRA 20



Teny
Malagasy

MIAINA NY EOKARISTIA
AMIN'NY FOTOANAN'NY
VALAN'ARETINA CORONAVIRUS

Fanazavana ara-baiboly

« Hobio Andriamanitra, ry tany tontolo »

Pierrette Maigné

Sal. 65(66):

R/ Hobio Andriamanitra, ry tany tontolo

Hobio Andriamanitra, ry tany tontolo ;
antsao ny Anarany be voninahitra.
Ataovy mafy ny antso fideràna Azy :
Eny, mahatahotra lanao, ry Andriamanitra.

Miankohoka Amino ny tany tontolo
sy miantsa ny Anaranao, miantsa Anao !
Tongava hizaha ny asan'Andriamanitra,
mahatahotra ny ataony ho an'ny olombelona.


Ny ranomasina novàny ho tanety,
nandehanana tongotra ny ony,
koa aoka isika ho faly Aminy.
Ny heriny manapaka mandrakizay.

Tongava ianareo matahotra ny Tompo
hitantaràko izay nataony tamiko.
Hisaorana anie Andriamanitra :
Ny fitiavany tsy nalàny tamiko.

Ity ampahany amin'ny salamo faha 65 ity no hatolotry ny litorjian'ny Fiagonana antsika amin'ny alahady faha-6 fankalazana ny Paka.

Manasa antsika hidera sy hisaotra izy ary ireo andininny voalohany dia toa ny akon'ny voninahitra.

Hobio, antsao, omeo voninahitra, tongava, zahao, henoy, miantsa, miankohoka, ireo teny rehetra ireo dia milaza ny fihetsiky ny mpino eo anatrehan'Andriamanitra. Kanefa tsy miaina izany irery ny mpino, ny tany tontolo no antsoiny amin'izany antsam-pideràna izany ary asainy mba hifampizara hafaliana aminy.



Aoka hojerentsika kely ireto fomba fiteny sasantsasany ireto :

- a.** Manome voninahitra an'Andriamanitra : ny fanekena ny maha Andriamanitra Azy.
- b.** Miankohoka : fihetsika maneho fanajàna lalina, fitsaohana izay natokana ho an'Andriamanitra irery ihany.

- c.** Isaorana anie Andriamanitra : an'Andriamanitra ny fitsofandranro, izany fomba fiteny izany raha aloakan'ny vavan'ny olombelona dia maneho fiderana, fomba iray hiekena ny hatsaram-pon'Andriamanitra sy ho entina misaotra Azy.
- d.** Ianareo matahotra ny Tompo : tsy misy ifandraisany amin'ny hoe tahotra ny tiana ambara eto ! Ny fahatahorana an'Andriamanitra dia ilay fihetsika feno fanajàna lalina, fitiavana amam-panajàna, fitsaohana izay afaka ampifandraisina amin'ny fankohofana. Manaiky ny maha Andriamanitra Azy aho ary mitsaoka Azy.



Inona avy ireo antony voalohany amin'izany fideràna izany : tsy inona fa ireo asan'Andriamanitra tao amin'ny tantaran'Israely, ny vahoakan'Andriamanitra dia vahoaka izay mahatsiaro lalandava mba tsy hisian'ny fanadinoina. Ny havohitra eto dia ilay hetsika fanafahana voalohany izay tsaroana amin'ny Paka : ny fanafahana tamin'ny fanandevozana sy ny fitàn'ny vahoaka ny ranomasina mena ary ny fidirany tany amin'ilay tany nampanantenain'ny Tompo ; antony iray mitondra hafaliana izany.



Olona afaka no irian'Andriamanitra ary ny asany dia asam-panafahana mandrakariva, asam-pamonjena. Rehefa mikatso ny fiainako dia fantatro fa ho tonga amiko Andriamanitra mba hanafaka ahy ; maniry hafaliana ho an'ny olombelona Andriamanitra, manana ny teny farany mandrakariva ny fitiavana ! Tsy mivadika Andriamanitra. Ireo asan'Andriamanitra mahatahotra dia Izy ihany no afaka manatanteraka azy. Ny heriny dia ilay herin'ny fitiavany, tsy mba manary ny zanany Andriamanitra, nohariany izy ireny mba hiaina.

Rehefaavy nampahatsiaro antsika ireo asan'Andriamanitra ny mpanoratra ny salamo dia miantso antsika hihaino ny zava-bitan'Andriamanitra taminy. Izay notanterahin'Andriamanitra tao amin'ny tantara dia tsy mitsahatra koa lzy ny manatanteraka izany ao amintsika tsirairay avy izay nametrapahatokisana taminy. Tsy manentsi-tadîny amin'ny vavaka ataon'ireo zanany Andriamanitra, izany no ambaran'ny mpanoratra ny salamo, satria mandrakizay ny Fitiavany !

Amin'izao vanim-potoanan'ny Paka izao àry dia fiampitâna avy any amin'ny fahafatesana mankany amin'ny fiainana izany, avy any amin'ny famoizam-po na fahakiviana lalina mankany amin'ny fahatokisana ary noho izany mankany amin'ny hafaliana izay hiantsoana antsika.

Fanamarihana vitsivitsy momba ny fideràna :

- a. Miorim-paka ao amin'ny andrana izy
- b. Voamarina ao amin'ny taraina izay nohenoina izy
- d. Mahatarika izy

Noho izany, aoka isika tsy hanaiky ho latsaka anaty alahelo fa hatoky an'Andriamanitra, aoka isika hanandram-peo mafy any Aminy, ary amin'izay dia hanenika ny maro ny Aleloia izay hobantsika ! ■



Spiritualité

MIAINA NY EOKARISTIA AMIN'NY FOTOANAN'NY VALAN'ARETINA CORONAVIRUS



François-Marie Léthel ocd

Amin'izao andron'ny fihibohana izao, dia ny tsy fahafahana mandray ny Eokaristia no tena fijaliana fara-tampony, indrindra ho an'ireo tena mafana fo nivelonan tamin'ny lamesa sy ny komonio isan'andro , izay toy ny ivon'ny fiainan'izy ireo mihitsy.

Sahala amin'i Masera Terezy avy any Lisieux, Mpiaro manokana ireo Misionera, dia Mino ny herin'ny vavaka ho an'ny Olombelona anaty fijaliana rehetra, ho an'ireo tsy salama, ireo vao maty, ireo razana efa lasana, ireo mpitsabo sy ireo mpitsabo mpanampy, ho an'ireo fianakaviana miritra fijaliana isika. Tokony hanahaka azy isika, toa an' « ilay Moizy Kely » izay nivavaka teo an-tendrombohitra sady nanandratra ambony ireo tanany any amin'ny Tompo nandritra ny ady nataon'ireo vahoakan'Andriamanitra teny ambany (jereo Eks 17, 8-12). Araka ny nambaran'ireo mpitondra maro, dia ao anatin'ny « fotoanan'ny ady » isika izao ; ady lehibe vaovao. Ary amin'ity indray mitoraka ity dia azo lazaina hoe « ady an-drariny », satria tsy miady amin'ireo olombelona namantsika isika fa amina fahavalo tsy hita maso sy tsy olombelona ; ilay Tsimok'aretina izay tsy maintsy resentsika amin'ny herin'ny Finoana sy ny saina.




Mila ampahatsiahivina fa tsy manohitra velively ary na oviana na oviana ny asan'ny saina ny Finoana; satria ny saina no manoro lalana ireo mpitondra, ireo mpitsabo sy ireo siantifika mivondrona ao anatin'io ady iraisana io. Tena fahotana mahafaty ny tsy fanajana io lalàn'ny fihibohana io, izay mandindon-doza ny ain'ireo namanao. Tokony mivavaka ao anatin'io finoana izay manaja ny asan'ny saina io isika, saingy mila mihoatra azy, ka hatoky tsy misy ahiahy ny Hery sy ny Hatsarampon' Andriamanitra izay maneho fahagagam-pahasiranana, indrindra ny mba hahafongotra farak'izay haingana ity fitsapana goavana ity. Toa an'i Terezy avy any Lisieux sy ireo Olomasina rehetra dia tokony hifantoka hibanjina amin'i Jesoa ny masontsika no sady mangataka amin'i Maria mba hanomezany antsika ilay Fijeriny feno Finoana, sy Fanantenana ary Fitiavana rehefa nahita Azy mijaly sy maty teo ambony Hazofijaliana mba ho famonjena ny olona rehetra Izy.

Mila mibanjina an'i Jesoa nitsangan-ko velona miaraka amin'i Maria isika, ao anatin'ny fahatokisana fa tsy ny fahafatesana no ho tompon'ny teny farany. Miaraka amin'ny Eglisy dia tokony manandratra ny fijerintsika eny amin'ny Lanitra isika ka mibanjina an'i Maria ao amin'ny Voninahitr'ilay Zanany Lahitokana izay "famantaram-panantenana azo antoka sy fanalana alahelo ho an'ireo vahoakan'Andriamanitra ao anatin'ny dia vavaka (Lumen Gentium, Lah 68), miaraka amin'ireo Olomasina fantatra sy tsy fantatra, sy ao anatin'ny fahatokisana feno tanteraka fa ny fijaliana tsy misy tsinin'ireo marary sy ireo vao maty miaraka amin'ny fijaliampamonjena nentin'i Jesoa dia manokatra ny varavarany Lanitra ho azy ireo. Toa an'i Terezy dia mivavaka tsy tapaka isika ho fanavotana mandrakizay ny fanahin'ireo nodimandry rehetra, ka mba tsy hisy very izy ireo na iray aza.

Ao anatin'ny fotoanan'ny ady isika ka ilaina maika dia maika ny fampanarahana misimisy hatrany ny pastoraly eokaristika amin'ny toe-java-misy iainana; ka mitady lalam-baovao sy miavaka mba hampanakaikezana an'i Jesoa eo amin'ireo mpino, sahala amin'ny nataon'ireo olon'ny fiangonana misehatra ao amin'ny tafika, izay mizara ny komonio masina amin'ireo miaramila misedra loza; fa indrindra ireo maratra sy maty, mazàna nohon'ny tahotra ny amin'ny ain'izy ireo.


**“.... ILAY TSIMOK'ARETINA
IZAY TSY MAINTSY
RESENTSIKA AMIN'NY
HERIN'NY FINOANA SY NY
SAINA.**



Manana pretra Olomasina ohatra fitaratra maro isika, izay nanolotra ny ainy mba ho namana akaiky tsy mahasaraka an'ireo rahalahiny misedra loza. Marobe ireo namoy ny ainy tany Italie, andro maromaro lasa izay. Tsaroantsika amin'izany ny ohatra mamiratra nasehon'i Md Jean Eudes (andrasana ho Mpampiantry ny Eglisy) tamin'ny taonjato faha XVII. Mbola pretra tanora izy tamin'izany, ka raha nipoitra tany Normandie ny aretina Pesta (mbola mahafaty lavitra noho ny coronavirus) dia nahazo alalana tamin'ny Lehibeny, P Pierre De Bérulle, handeha haina hiaraka amin'ireo voan'ny Pesta izy. Isan'andro niaraka tamina pretra Olomasina iray hafa, dia mankalaza ny Lamesa izy sady nameno hostia efa voahasina ny boaty vy fotsifosty kely iray, izay entiny eo ambozonany, mba handeha hizara komonio amin'ireo marary sy ireo miady aina. Rehefa taty aoriana be, tamin'ny fiafaran'ny fiainany, dia notehiriziny sahala amina sisa vatany amin'ny maha-olomasina azy io boaty io.



Ananantsika vao haingana indrindra ny ohatra nasehon'i Manankaja Kardinaly Vietinamiana Nguyen Van Thuan, izay nijanona 13 taona tany am-ponja nandritra ny fanenjehana kaomonista. Nahavita nankalaza ny Eokaristia isan'andro izy tao anatin'ny fotoana mafy indrindra, niaraka tamin'ny divay kely telo mitete ao amin'ny atitana iray, ary hostia kely ao amin'ny atitana ankilany, sady mitahiry mandrakariva hostia voahasina ao anaty paosin'ny lobakany. Ho an'ny pretra iray gadra hafa dia nanamboatra peratra tamin'ny vy avy amin'ny boaty fitahirizina izy, "tabernakla kely" misy ampanaha hostia voahasina. Ho an'ireo katolika voafonja kosa, dia nanome ambina hostia nohamasinina tao anaty tranona sigara izy, mba hahafahan'izy ireo manao fitsaohana ny Sakramenta masina sy komonio, tsy an-kiato. Nandritra io fotoanan'ny fanenjehana io dia nanome alalana hitahiry ny Eokaristia ireo lahika mpirotsaka an-tsehatra mba hitondra izany any amin'ireo faritra tsy ho azon'ireo pretra nidirana, ireo eveka vietinamianina. Tao anatin'ny iray amin'ireo vavakany an-tsoratra tany am-ponja dia niresaka tamin'I Jesoa Eokaristia I Mgr. Van Thuan nanao hoe: "Entiko manaraka ahy lanao na andro na alina". Io fanakaikezan'i Jesoa Eokaristia tsy tapaka io dia nanohana azy sy nanampy azy hamela heloka ary hitia amin-kery tontolo ireo fahavalony; hany ka ireo mpiambina kaomonista azy aza dia matetika no lasa namany! Hoy izy: "Ny Eokaristia no hany heriko". Efa hatramin'ny fotoanan'ny revolisiôna frantsay no maro ireo vehivavy be herim-po sy lahika na relijiozy mitazona sy mizara ny Eokaristia.



Ivon'ny fiaianana sy toniam-pampianaran'i Md Papa Paoly faha VI ny Eokaristia... Niezaka nampanakaiky bebe kokoa an'l Jesoa Eokaristia an'ireo mpino izy rehefa namela malalaka ny Eokaristia ho raisin'ny Tanana sy rehefa namoaka ireo minisitra vaovaon'ny Eokaristia, lehilahy sy vehivavy misahana ny fizarana ny komonio sy mitondra azy any amin'ireo marary sy ireo zokiolona. Tena nametraka an'l Jesoa Eokaristia teo an-tanan'ireo mpino tokoa moa I Paoly faha VI! Izany dia mba hampanakaiky Azy bebe kokoa an'ny rehetra, fa indrindra ireo Mijaly. Tamin'io vanim-potoana io ihany dia nisy lahika be fanetren-tena, mpiombon'andraikitra amin'ny salezianina, I Vera Grita(efa an-dalana ho Olontsambatra), niaina ny fiainan'io fanakaikezana an' I Jesoa Eokaristia izay maniry hanao ny mpinony ho "tabernakla velona" mba hitondra ny fisiany eo anivon'izao tontolo izao.

Farany, raha mahakasika an'io tsy fahazahoana ny Eokaristia io dia tsara raha ohatra ka tsy miresaka ny "fifadiana Eokaristika" (sahala amin'ny ataontsika matetika amin'izao); satria mifanohitra amin'izany io

fomba fiteny taloha io dia midika hoe mifady ny sakafy hafa rehetra mba handraisana ny Komonio Masina. Raha miresaka an'ity tsy fahazahoana ny Eokaristia ity amin'izao dia tsy azo ampiasaina amin'ireo mpino ny hevitra tsy marina hoe "fifadiana", sahala amin'ny hoe sakafy tadiavina izay tsara raha fadiana ny Komonio isan'andro; izany hoe karazana fahatendana na haitraitra ara-panahy. Tena neparitaka izay tsy izy tany Frantsa sy Italia hatramin'ny ela io fiheverana mampiady hevitra io. Efa isany niaina izany aho teo ho eo amin'ny 50 taona teo. Mifanohitra amin'izany, nandrin'ny taonjato iray mahery, niaraka tamin'ny didy navoakan'ny Md Pie faha X izay manohana ny Komonio isan'andro (tamin'ny 1905), ireo Olomasina ny taona moderina rehetra dia Olomasin'ny Eokaristia isan'andro. Teo alohany, I Terezy avy any Lisieux dia nametraka tsindrim-peo, tsy tamin'ny fanirantsika handray an'l Jesoa aloha fa tamin'ny faniriany hanolo-tena ho antsika mba hiaina ao anatintsika sy hampiombona antsika Aminy.■



“ TOUS LES SAINTS MODERNES SONT DES
SAINTS DE L'EUCHARISTIE QUOTIDIENNE

Partage

Voaantso ho
vavolombelona




Yohanes Jimmy Carvallo

*Filohan'ny Association
Marie Reine des Coeurs
Région de Ruteng, Flores, Indonésie*

“” Satria ity Fikambanana ity dia tsy vondrom-bavaka irevy ihany, fa manampy antsika ihany koa ho tonga “sira fanasina” eo anivon’ny tontolom-piaínantsika.

Raha nandray hafatra WhatsApps avy amin'i « Mompera Arnold Suhardi, Assistant Général », ny tenako ny 24 Novambra 2019, izay nangataka ahy hanoratra fizaram-pinoana amin'ny maha-olona efa nanokan-tena ahy ato amin'ny Fikambanana « Association Marie Reine des Cœurs » (AMRC), zavatra anankiroa no avy dia tonga niara-nametrapontaniana tamiko. Voalohany, ahoana no fomba hitantarako ity andram-piaínana « tena nanamarika » ahy teo amin'ny fiainako ity; Faharoa, fa maninona no izaho izay misy fetrany ihany no hanao fijoroana vavolombelona izay ho vakian'ny maro eto amin'izao tontolo izao. Mila maka fotoana maharitraritra handinihana ireo zavatra anankiroa ireo aho, ity fifampizarana tsotra izay tsy dia misy dikany loatra ity dia mety tsy ho vita raha tsy any amin'ny tapakin'ny volana Janoary 2020 any ho any.



Ny 21 Novambra 2018, tena tamin'ny fotoana izay nankalazan'ny Fiagonana maneran-tany ny nanolorana an'i Maria Virjiny tao an-Tempoly, rahalahy sy anabavy miisa 17 miraka amiko, ireo izahay no nanao ny fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria. Izany dia natao taorian'ny fiomanam-panahy nandritra ny fotoana maharitra natolotr'ireo Misionera ao amin'ny Compagnies de Marie. Ny fombafomba amin'ny Fanokanan-tena dia misy zava-dehibe anankiroa : ny fampanantenana fa tsy hivadika amin'ny Tenin'Andriamanitra ary ny fanavaozana ny toky nomena tamin'ny Batemy eo am-pelan-tanan'ny Renin'ny Tompo.

Avy amin'io Fanokanan-tena io dia tonga mpikambana ara-dàlana ao amin'ny Fikambanana "Association Marie Reine des Coeurs" izahay. Mialohan'io, tsy maintsy nanolotra ny fangatahana ofisialy tamin'ny Tomponandraikitra Nasionalin'ny AMRC, mba ahafahana maneho ny faniriana ho mpikambana feno ao amin'ny Fikambanana, izay manolotra manokana ny lèlana ara-panahy nolovaina tamin'i Md Louis Marie avy any Montfort mba hiaina amin'ny fo manontolo ny fanomezan-toky tamin'ny Batemy.

Ny lèlana mankamin'ny Fanokanan-tena – dingana voalohany mankamin'ny fiainana maha-kristiana lalim-paka sy tena matotra – ho ahy manokana, tsy mora izany. Nandritra ireo fotoana ireo, ny mpikambana tsirairay ato amin'ny AMRC dia nasaina mba "hanadino ny tenany" amin'ny fandaniampotoana, indrindra, hitrandraka ny lalam-piofanana isan-karazany miaraka amin'ny « Anao manontolo ry Maria (Totus tuus) », toy ny « sakafom-panahy » izay manamafy ny diantsika amin'ity « fivahinianana Masina » amin'ity fiainana ity.

Satria ity Fikambanana ity dia tsy vondrom-bavaka irey ihany, fa manampy antsika ihany koa ho tonga "sira fanasina" eo anivon'ny tontolom-piaintantsika, manomboka ao amin'ny tokantranontsika izay toy ny fiagonana kely, ao amin'ny ankohonam-piaianana fototra, ny paroasy, ary farany ao amin'ny fiarahamonina izay misy antsika. Miaraka amin'ny halementsika sy amin'ny maha-olona voafetra antsika, hotohizantsika sy hampitombointsika ny fijoroana ho vavolombelon'ny Evanjely anaty fanetren-tena, eo ambany mason'ny Virjiny Masina miaraka amin'i Jesoa Zanany, miaraka amin'ny fanahy sy fitiavana izay tsy ho levona mihitsy.



Noho izany, amin'ny maha-mpikambana ato amin'ny fikambanana, eo anivon'ny fikorontanana mahery vaika sy fandrosoana amin'izao tontolo izao, ahoana no fomba hiainako ankehitriny sy hanehoako ny tenako amin'ny maha « olona nateraka vaovao indray » tanatin'ireo fahasoavana noraisiko tamin'ny fanokanan-tenako ? Indrindra amin'ny maha-tanora, fomba ahoana no hiatrehako an'izany, amin'ny fitondrana ireo soatoavina Kristiana izay mifototra amin'ny foto-pisainan'ny Evanjely, ampiharina amin'ny fiainana andavanandro eo anivon'ny sehatra arak'asa sy amin'ny fifandraisana amin'ny mpiara-belona ?

Tsy mora izany, ny zava-misy dia mampiseho an-tanan-tohatra ambony sy ambany raha resaka fiainana maha-kristiana, indrindra amin'ny maha-lahika Katolika izay mijoro ho vavolombelon'ny Evanjely isan'andro. Firy ny fiolahana sy ny fihodinana, ny fanamby sy ny fakam-panahy, ny traik'efan'ny "tany efitra" ? Ny andraikitrin'ny mpanompon'i Jesoa mivelona ao amin'i Maria, mpanompon'ny Eglisy Masina izay ivondronan'ireo rahalahy sy anabavy amin'ny fotoana rehetra dia tena sedraina, halamaina ary tefena.

Noho izany, dia te hizara aminareo ny andram-piainko manokana aho mikasika ity hetsika iray tena miavaka ity.

Ny Alarobia 5 Septambra 2018, ny zanako faharoa, Yosep Aleksander (8 taona), dia nofaizin'ny mpitsabo iray ao amin'ny hopitaly "Fitiavana ny Reny" ao Denpasar, Bali, satria mijaly amin'ny aretina tsy azo sitranina. Tany am-piandohana, efa niseho ny soritr'aretina amin'ny fahitana manjavozavo: izaho sy ny zokiko vavy, Ita, miaraka amin'ny vadiny, dia nitondra ity zaza ity tany amin'ny toeram-pitsaboana sy fanaovana fitarafana. Tsy nampoizina ny valin'ity fizahana natao ity ary nahakivy sy nahaketra ahy.

Rehefa nandeha ny fotoana, izaho sy ny vadiko, Erlyn, dia tsy maintsy nanaiky ny fahamarinan'ny ngidy zakainay: Yosep, mbola tany amin'ny Sekoly ambaratonga fototra amin'ny Kilasy fahatelo, dia efa nampiseho fihenana miadana ny toe-batany. Amin'ny fotoana anoratany, Yosep, dia malemy, moana, tsy mahita, zara raha mahalany sakafo na dia atao malemy tena malemy aza.

“” Ny zava-misy dia mampiseho an-tanan-tohatra ambony sy ambany raha resaka fiainana maha-kristiana, indrindra amin'ny maha-lahika Katolika izay mijoro ho vavolombelon'ny Evanjely isan'andro.



Ny mangidy nanjo ahy dia niteraka tafiotra lehibe teo amin'ny fiainako, nifanehitra tamiko tamin'ny safidy izay toa manelingelina: tokony hifantoka manokana amin'ny fikarakarana ny zanako ve aho dia hajanona ny fanarahana ny fanomanana ny fanokanan-tena sa raha tohiziko ny fikarakarana ny zanako dia tokony hanohy ny fanomanana ny fanokanan-tena ve aho? Araka ny fandaharam-potoana, ao anatin'ny roa volana, hanokan-tena amin'I Jesoa amin'ny alalan'I Maria ao amin'ny Lasapelin'ny Novisia Montfortana, ao Ruteng aho, nandritran'ny fankalazana izay notarihan'I Mompera Ariston Laurensius. Ahoana no ahafahana manao izany? na eo aza ny fotoantsarotra mampijaly ahy dia nisafidy ny hanohy am-pahatsorana hatrany amin'ny fanokanan-tena aho. Tena zava-miafina sarotra takarina io ho ahy. Indraindray aho mahatsapa karazana fikomiana kely tao am-poko, anatrehan' ity zavatra tsy hay tohaina ity. Ahoana no ahafahantsika matoky an'Andriamanitra manoloana ny fiainantsika vesaran'ny Hazofijaliana mavesatra?



Tamin'ny farany, ny tolona nataoko dia nahatonga ahy miaraka amin'ireo olona fito ambin'ny folo hafa, hanao ny fanokanan-tenanay teo anatrehan'ny Hotely. Ny iray amin'ireo vavaka isan'andro an'ny AMRC dia isan'ny nanohina sy nampahery ahy taorian'izay: "Tuus totus ego sum, et omnia mea tua sunt: Anao manontolo aho sy izay rehetra ananako, ô ry Jesoa Malalako, amin'ny alalan'I Maria, Reninao Masina". (VD 233)

Ny fanokanan-tena amin'I Jesoa amin'ny alalan'I Maria, raha sainina sy iainana, dia tena hanova ny fomba fijery sy ny toe-pontsika raha toa ka atopatopan'ny onjam-piainana eto amin'ity tontolo ity. Isan'andro isan'andro, dia hanohy hamolavola miadana antsika ho tena mpianatr'i Kristy marina, hanome ohatra sy hitaona antsika tsy ankijanona amin'ny Finoana, ny Fanantenana ary ny Fitiovana na aiza na aiza alehantsika.



Tsy mandeha irery isika. Eny fa na dia ao anatin'ny toe-javatra tsy misy fanantenana aza, dia mihazona fahatokisana mafy hatrany isika. Isika dia sarobidy indrindra amin'I Jesoa eo am-pelantanan'I Maria Reniny. Araka izany, ny vokatry ny fanokanan-tena dia hita mazava amin'ny endrik'ireo miaina sy miankin-doha amin'ny fitiavan'I Jesoa.

Miaina ny fanokanan-tena aho amin'ny fitadiavana mandrakariva ny sitrapon'Andriamanitra amin'ny fiainana isan'andro. Ny vavaka dia tonga foto-piainan'ny mpikambana rehetra ato amin'ny AMRC, ankoatra ny fiombonana ara-pirahalahina izay misy ato amin'ny Fianakaviam-be Montfortana. Io fiombonana io dia mitovy amin'ny iainan'ireo mpikambana ato amin'ny AMRC amin'ny fifandraisan'izy ireo amin'ireo Kristiana izay manodidina azy, na ato anatin'ny ankohonam-piaianana fototra ato amin'ny Paroasy na any an-kafa. Ny fahatanterahan'ny fanomezantoky natao tamin'ny Batemy dia tonga "foton'aina" mamelona isan'andro, amin'ny tontolo iainany izay iasany na ivelomany.

Izany rehetra izany dia azo antoka fa manana fototra ao anaty vondrom-piarahamonina kely indrindra, izany hoe ny fianakaviana. Ao anaty fianakaviana keliko dia manana fahazarana miaramivavaka izahay indraindray. Ohatra iray amin'izany ny vavaka Anjelisy, izay tononinay isan'andro. Toa tsota, nefà misy fiantraikany lehibe amin'ny fifandraisana ao amin'ny fianakavantsika: ny fifandraisako amin'ny vady aman-janako dia misy fifampizaram-pitiavana, hany ka eo anatrehan'ireo zavatra fanao amin'ny fiaianana andavanandro dia afaka mifantoka mandrakariva amin'Andriamanitra isika.

“” Isika dia sarobidy indrindra amin'I Jesoa eo am-pelan-tanan'I Maria Reniny...



Ny mpikambana ato amin'ny AMRC dia mijoro hatrany amin'ny fiofanana mitohy izay ifampizaranay aorian'ny fanokanan-tena. Ankoatra ny fanarahana ity fiofanana mitohy ity dia miaramankala ny Eokaristia izahay ary miaraka manao ny Razoery am-pitiavana. Amin'izao fotoana izao, ny AMRC ao Ruteng, Diosezin'ny Ruteng, dia mahatsapa fivoarana sy faharisihana hatrany. Farany, ny 21 Novambra 2019, 23 ny mpikambana vaovao nanao ny fanokanan-tenany. Tanora ary tanora vao erotrerony izay maniry hanamafy orina ny fiaianana maha-kristiana azy amin'ny alalan'ny fanokanan-tenany amin'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'I Maria, ao amin'ny Fanahy Masina, fomba natoron'I Mompera avy any Montfort mba hahatonga antsika ho vavolombelona marin'ny Vaovao Mahafaly eto amin'ity izao tontolo izao ankehitriny ity. ■



“” Ny mangidy nanjo ahy dia niteraka tafiotra lehibe teo amin’ny fainako, nifanehitra tamiko tamin’ny safidy izay toa manelingelina: tokony hifantoka manokana amin’ny fikarakarana ny zanako ve aho dia hajanona ny fanarahana ny fanomanana ny fanokanan-tena sa raha tohiziko ny fikarakarana ny zanako dia tokony hanohy ny fanomanana ny fanokanan-tena ve aho?

Cantique du P. de Montfort

TONONKIRA 20

Ireo raki-tsarodibin'ny
fahantrana

Tononkira faha-16, andininy miisa 60



1.

Indro ny vatosoa sarobidy,
Indro ny harena miafina
Ary hatsaran-panahy feno fahafoizana
Izay notadiaviko hattrizay.
Saingy tsy mora alaina;
Izay te banana azy
Tsy maintsy, manome sy mivarotra
Izay rehetra ananany , tsy mila ady varotra.

2.

Ilay fahantrana iniana ,
Na koa fahantrana ara-panahy,
Na ilay toro hevitra lehibe mahavonjy
Izay nomen'i Jesoa Kristy antsika;
Izay nahatonga olon-kendry iray nandao
Ny fananany sy ny faniriany te banana,
Mba hanaraka azy ,
Toy ny tena Kristianina .

3.

Teo amboniny i Jesoa Kristy no nanorina
Ny Fiagonana sy ny Fivavahana,
Eo aminy ny mpino
Tsy maintsy manangana ny
fahalavorariany.
Eo no tsy maintsy hanombohana
Mba hatratrarana ny fahamasinana;
Raha tsy izany , tsy manan-kery,
Matimaty sy korontana.



4.

Andriamanitra iray , izay tsy afa niaro
Ireo hatsaran-tarehin'ny fahantrana
Ary tena tia azy , eny hatramin'ny
nahatongavany
Olo mahantra ho olombelona.
Nomeny harena amin'ny tenany mihintsy
Harena sarobidy ny fahamarinaNy ,
Noravahiny , nomeny satro-boninahitra
Ny maha Andriamanitra Azy

7.


Niomana Izy nandritra ny telopolo taona
Hilaza teny iray avy ao am-pony ,
Tokony ho teny tsy fandre firy,
Indro, teny lehibe avy amin'ny Mpamony ,
Ilay voalohan-pahasambarana ,
Ilay teny lehibe izay tokony ho voasoratra
Izay mila fotoana lava nianarana

8.

Satria ny fanjakana ny voninahitro
Natokana ho an'ireo fahantrany;
Ny mahantra no tempo, minoa ahy ,
Miaraka amin'ny fahasambarako. »
Mariho fa Jesoa nandà
Ny mahantra amin'izao fotoana izao
Tompon'ny fanjakan'ny lanitra,
Raha mbola lehibe , manan-karena sy matanjaka izy.

9.

Hoy Izy ny Fanahin'ny RaiNy
Izay niantso Azy ho an'ny famonjena azy ireo,
Ilaza amin'izy ireo ny Fahazavany ,
Izay no tanjony voalohany ,
Izy raha manonona fambarana lehibe ,
Izy raha manokatra ny atin'ny fony ,
Izy raha manao fahagagana lehibe ,
Dia ho azy ireo , sitraka natokana ho azy.



10.

Raha mbola mandà sy manamavo
Ireo lehibe sy tempô manakarena,
Tsy mba natsangany ny Eglisy Masina
Raha tsy tamin'ireo roambinifolo mahantara sy mpanota,
Izay ,mba handresy ny olon-drehetra,
Nandao ny zava-drehetra tsy manana inoninona
Izay ,mba handresy ny fanahy ratsy,
Namoy ny zava-drehetra , tsy nitazona na kely aza

11.

Hoy Izy : misy mila seza fiandrianana ve?
Misy te ho tonga lafatra ve?
Aoka izy hivarotra sy hanome ho an'ny asa fiantrana
Izay ananany rehetra:izay no tsiambaratelo.
Tsy afaka manaraka ahy,
Raha tsy mahafo y ny zava-drehetra.
Nandao ny zava-drehetra aho , aoka mba haka
tahaka ahy
Raha tsy izany dia mandà ahy



12.

Teo amin'ny fiandohan'ny Eglizy,
Tsy nanana afa tsy hafanan-po ireo Kristianina,
Satria nafoy ny zava-drehetra izy ,
Tsy nila kisa, fa vokatry ny fo tokoa;
Saingy ankehitriny , maro fahalemena
Ao anatin'ny izay lazaina ho fahamasinana.
Indrisy! lasa tia harena,
Indrisy! Mandao ny fahatrana.

20.

Fa ny tena hasambarana ambony indrindra
Ireo naman'ny fahantrana,
Izy ireo mandray avy amin'Andriamanitra
Zato avo heny izay nilaozany .
Ho an'ny Ray iray , nahita Ray zato ,
Ary , namana iray , namana zato :
Zato avo heny amin'ny lafiny rehetra,
Izay no nampanatenain'Andriamanitra azy ireo.

21.

Efa manana sahady amin'ity fiainana ity
Zato avo heny amin'ny fananana ara nofo,
Ary rehefa any an-danitra, tanindrazany,
Zato avo heny amin'ny fananana mandrakizay
Ny tena mahantara no tompon'izao tontolo izao
Manana ny zava-drehetra tsy misy anavahana izy
Azy ny lanitra , ny tany, ny onja
Tsy misy mahala izany eo aminy.

41.

Fantaro fa tena sarotra kokoa
Ny hidiran'ny mpanankarena any an-danitra
Toy izay ny rameva amin'ny lava-panjaitra,
Fa mampalahelo izy raha dinihina
Amin'izay hanambanan'Andriamanitra azy.
Tokony hikiaka mafy izy,
Hikiaka famindram-po sy fisaorana
Satria ratsy ny fijerin'Andriamanitra azy.

43.

Fa aza diso lèlana ianareo, ry rahalahy,
Satria mahantra maro no voahozona,
Satria ireo mahantra manolo-tena ihany
No mahantra voatokana.
Maro ny mahantra noho ny tsy fidiny,
Mimonomonona ao amin'ny fahareseny;
Tsy mba manan-katsarana afa-tsy ny ety
ivelany, Izy ireo no mahantran'ny demony.

44.


Manam-bola izy amin'izao fiainana izao,
Tsy eo an-tànany, fa ao am-pony
Satria maniry izany mandrakariva izy,
Satria tiany amin-kafanampo izy,
Matetika ny mahantra fadiranovana
Mahihitra kokoa amin'ny kely an-tànany
Noho ny mpanan-karem-be
Manoloana ny habetsahan'ny fananany.

45.

Tsy irian'i Jesoa hanara-dia Azy
Ireny mahantra kamo ireny;
Tsy mendrika sitraka ny kamo,
Fa afatotra, ary avarina anaty afo.
Tsy irian'Andriamanitra hihinana akory
Raha ny haka aina ihany no iriany,
Ary raha sendra loza tsy fantatra,
Dia ny hangataka ihany no ataony.

46.

Matetika ny mahantra mandà fivavahana
Amin'ny fanalavirana ny sakramenta,
Miteny lainga amin'ny tsy misy antony izy
Ary indraindray fitenenan-dratsy.
Noho ireo loza vitany,
Mijaly ao amin'ny fahantrany izy,
Mijaly kokoa ao anatin'ny hantsana
Mandritra ny fotoana tsy manam-pahataperana.



50.

Toa tsy nahalala firy ny hatsaram-ponao aho,
Ry fahantran'ny Andriamanitro!
Fa ankehitriny manoroka anao aho
Amin'ny fo miredrehitra,
Satria tiako kokoa ny fitafianao,
Ny lambanao efa rovitra, ny lokonao matsatso,
Noho ireo zava-poana mampanintona
Izay mamilaka ny maso sy ny fo.

59.

Jesoa mahantra ô, te hanaraka anao aho,
Mahantra amin'ny mahantra, mandra-maty.
Mifona aho, mahamamo ahy ny fahantrana,
Sy manainga ahy amin'izany fitaterana masina.
Hanahaka anao anie aho amin'ny fainako,
Raha tsy izany esory amiko dieny izao izany;
Amin'ny alàlan'ny fonao sy Maria,
Mba omeo ahy izany fanomezana lehibe izany.

60.

Amin'ny fatahorana fa ny lalan-kiraisana
Hampihataka ahy amin'ny fahamarianana,
Tonga hanangona ny hareko aho
Amin'ireo haren'ny fahantranao.
Asandratambony ny hareko,
Mba hahantra tahaka anao aho
Ary ho afaka miaraka amiko ny fanànako
Dia hanan-karena mihoatra ny rehetra aho.

ANDRIAMANITRA IRERY ■



“” Jesoa mahantra ô, te hanaraka anao aho,
Mahantra amin'ny mahantra, mandra-maty

